




***Sary 1. Rotsakorana ny volana Jona 2026***





***Sary 2. Fampitahana ny rotsakorana Jona 2026 sy Jona 2025***


Araka ny **SPI1** (Indice Normalisé des Précipitations mandritra ny iray volana), dia nahitana orana ambony noho ny salan'isa mahazatra tany amin'ny ampahany amin'ny faritra **Atsimo Atsinanana** sy **Fitovinany**. Ho an'ireo faritra hafa manamorona ny morontsiraka atsinanana kosa dia manondro rotsak'orana manakaiky na ambanin'ny salan'isa mahazatra ny SPI1 (Sary 3).

Ny **SPI3**, izay mampitaha ny fitambaran'ny rotsak'orana tamin'ny volana Aprily, Mey ary Jona 2026 amin'ny salan'isa mahazatra, dia mampiseho fa ambanin'ny salan'isa ny orana tao anatin'ireo telo volana ireo tany amin'ny ampahany amin'ny faritra **Sava, Ambatosoa, Alaotra Mangoro (faritra Mangoro), Atsinanana ary Anosy**. Ho an'ireo faritra hafa manamorona ny morontsiraka atsinanana dia nanakaiky na nihoatra ny salan'isa ny rotsak'orana (Sary 4).

***Fanamarihana:*** Raha kely ny rotsakorana tokony ho izy (pluie normale) ao anatin'ny volana na telo volana ho an'ny toerana iray, dia mila fitandremana ny fampiasàana ny SPI. Mety tsy afaka ho ampiasaina mihintsy aza izany. Ireo toerana ireo dia voaloko volon-davenona.




***Sary 3. Tondron'ny haintany SPI1 Jona 2026***




***Sary 4. Tondron'ny haintany SPI3 Jona 2026***

